# Ilay Voa Tsara Nafafy 29 Oktobra 2018

# 29 Alatsinainy oktobra

**Ary tsarovy ny Mpanao anao amin'ny andro fahatanoranao, dieny tsy mbola mivaha ny kofehy volafotsy ... ka ny vovoka *(ny vatana)* hiverina amin'ny tany ho toy ny teo, fa ny fanahy kosa hiverina amin'Andriamanitra, Izay nanome iny.** Mpitoriteny 12. 1, 6, 7

## Tahotra ny fahafatesana

Nisy nilaza hoe : „Ny fahafatesana no tranga lehibe indrindra eo amin'ny fiainana". Ny fahafatesana tokoa mantsy no dingana farany, dingana idirana any amin'ny mandrakizay.

Resahin'ny Baiboly amintsika ny any ankoatra. Asehony mazava fa ny fanahy dia hiverina amin'Andriamanitra, izay nanome izany, ary mbola hitohy ny fiainan'ny olona. Koa tsy fiafarana, izany, ny fahafatesana, fa varavarana isokafana lalana roa :

— Na isika, nandritra ny fiainantsika teto an-tany, nandray ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra, famelan-keloka ao amin'i Jesosy Kristy ; dia raisina any am-paradisa, any anilan'i Jesosy, ao amin'ny fahasambarana mandrakizay. „Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro ; ... handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho ... ka handray anareo ho any amiko" (Jaona 14. 2, 3). „Sambatra ny maty, dia izay maty ao amin'ny Tompo ... fa hitsahatra amin'izay nisasarany izy" (Apokalypsy 14. 13).

— Na isika nandà na nanao tsinontsinona izany fahasoavana izany, dia very ho mandrakizay. „Izay tsy mino ny Zanaka *(ny Zanak'Andriamanitra)* dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy" (Jaona 3. 36).

Koa ho an'ny mpino, izany, dia tsy misy tahotra intsony, fa fahatokiana feno fahasambarana ; ary izany no mampionona antsika, manoloana ireo mpino mandao antsika. Miala sasatra any anilan'ny Tompo izy ireo.

Eo ihany anefa ny tebiteby, manoloana io fotoana farany io, ary rariny izany. Saingy izay nametraka ny tokiny tamin'i Jesosy dia mahafantatra fa ho eo anilany ny Tompo ary hanome azy fiadanam-po, hihazona ny tanany ao anatin'izany fiampitana ho any amin'ny mandrakizay izany. „Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho ; fa Ianao no amiko" (Salamo 23. 4).